Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Avril 2017

I - Teny mahavelona

I. TENY MAHAVELONA

Tenin'Andriamanitra : Jo 20, 1-2.11-18

1Ary tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia lasa marainakoa mbola maizina nankany amin'ny fasana Madelena, ka nahita fa voaesotra tamin'ny fasana ny vato. 2Dia lasa izy nihazakazaka nankany amin'i Simona Piera sy ilay mpianatra malalan'i Jesoa, ka nanao tamin'ireo hoe: Nalain'olona tao am-pasana ny Tompo, ka tsy fantatray izay nametrahany azy.

11Fa Maria kosa nijanona nitomany teo ivelan'ny fasana. Ary teo am-pitomaniana, dia niondrika nitsirika ny tao anaty fasana izy, 12ka nahita anjely roa niakanjo fotsy, nipetraka tao amin'izay nipetrahan'ny vatan'i Jesoa, ny iray teo an-doha, ary ny iray teo an-tongotra. 13Dia hoy izy ireo taminy: Ravehivavy, nahoana no mitomany hianao? Ka hoy izy namaly ireo: Satria nalain'olona ny Tompoko, ka tsy fantatro izay nametrahany azy. 14Nony avy nilaza izany izy dia nitodika, ka nahita an'i Jesoa nitsangana teo, nefa tsy fantany hoe Jesoa io. 15Ary hoy Jesoa taminy: Ravehivavy, nahoana no mitomany hianao? Iza no tadiavinao? Nataony ho mpiandry saha io, ka hoy izy taminy: Raha hianao re no naka azy, Tompoko, mba atoroy ahy kely izay nametrahanao azy, hangalako azy. 16Dia hoy Jesoa taminy: Ry Maria! Dia nitodika izy ka nanao taminy hoe: Rabony! (izany hoe Mpampianatra). 17Aza mikasika ahy, hoy Jesoa taminy, fa mbola tsy niakatra tany amin'ny Ray aho, fa mandehana mankany amin'ny rahalahiko, ka lazao aminy hoe: Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo aho, ary any amin'Andriamanitro sy Andriamanitrareo. 18Dia lasa Maria Madelena ka nilaza tamin'ny mpianatra hoe: Efa nahita ny Tompo aho, ary izany no nolazainy tamiko.

FANAZAVANA FOHY

Ity Tenin'Andriamanitra atolotra antsika ity dia mampiseho ny fitsanganan'i Jesoa ho velona taorian'ny nijaliany sy ny nahafatesany, àry ny fisehoany tamin'i Maria Madelena dia manambara ihany koa ny fisehoany amin'ireo rehetra mitady azy amin'ny fo feno fitiavana.

- « **Nalain'olona tao am-pasana ny Tompo** » : Tsy fanarahana ny fomba jody fotsiny no antony nahatongavan'i Maria Madelena tany amin'ny fasana vao maraina, fa tena hitady ny Tompo. Misy fatoram-pinoana sy fitiavana lalina namatotra azy tamin'i Kristy. Nitomany izy satria tsapany fa velona ao am-pony i Jesoa. Ny fitiavana no nanosika azy handeha vao maraina hanosotra zava-manitra ny fatin'i Jesoa. Tsy nisy nahasakana azy na ny vato, na ny mpiambina, na izay olona heveriny ho nangalatra ny fatin'i Jesoa aza. Ny fitiavana marina tokoa dia mandresy ny tahotra.
- **« Iza no tadiavinao »** : Tsy mamela ho irery an'ireo izay mitady azy i Jesoa. Mitadiava dia hahita, hoy Izy tamin'ireo mpianany (Mt 7,7). Nitady an'ilay tena tiany sy tena hasambarany i Maria Madelena. Niteny taminy tamin'ny alalan'ny Anjely aloha i Jesoa : nahoana no mitomany ianao ?, ary Izy ihany no namerina io fanontaniana io rehefa avy eo, toy ny mampahatsiaro an'i Maria Madelena ny anton-diany vao maraina, dia tsy inona fa hitady ny Tompony. Nantsoin'i Jesoa tamin'ny anarany, toy ny fanaony taloha, i Maria, àry fantatr'i Maria avy hatrany fa i Jesoa io eo anatrehany io.
- « **Efa nahita ny Tompo aho, ary izany no nolazainy tamiko** » : Tsy notanan'i Maria Madelena ho azy samirery ny fihaonany tamin'i Kristy. Mailamailaka ery izy ny hifampizara ny andram-piainany amin'ny hafa. Ny fizarana ny finoana no fomba iray ahafahantsika mitahiry sy mampitombo azy. Raha tiantsika hitombo ny fitiavantsika an'i Jesoa dia tokony hotorintsika amin'izay ataontsika rehetra izany fitiavana izany. Tsy tokony hatahotra na ho menatra ny hitory an'i Kristy ao amin'ny fianakaviana, amin'ny olona manodidina antsika, eny fa na dia amin'ireo olona tsy mahafantatra antsika sy tsy fantatsika akory aza.

FANDALINANA

1. Inona no tsapanao ao anatinao amin'izao fankalazana ny fijaliana, ny fahafatesana ary ny fitsanganan' i Jesoa ho velona izao ?
2. Iza sa Inona no tadiavinao amin'ny vavaka ataonao ?
3. Inona no fiantraikan'ny vavaka ataonao eo amin'ny fiainanao sy eo amin'ny olona manodidina anao ?
4. Mitadiava fomba na fihetsika roa entinao hampahafantatra ny fitiavan'i Kristy amin'ny hafa eo amin'ny fiainana andavanandro.

II - Vatsy

IRAKA HO AN'NY « HAFALIAN'NY FITIAVANA » EO ANIVON'NY FIANAKAVIANA

Ao anatin'ny hafaliana hatrany no iarahabana antsika tapaka sy namana rehetra mpikatroka ato amin'ny VO.SA.MI amin'izao ankatoky ny fankalazana ny fetin'ny Paka izao. Krisy nijaly sy maty ary nitsangan-ko velona anie hankahery antsika hatrany ary ho andry iankinan'ny finoantsika tsirairay avy.

Amin'ity fandinihana amin'ny maha iraka ny Fiangonana sy maha iraka antsika tsirairay avy ity dia ny « Etrenne »-n'ny Recteur Majeur no hojerentsika, dia ny anjara andraikitra tandrify antsika mba hampiroboroboana fiananka viana izany. Marihina fa manamafy ny taratasin'ny Papa Ray Masina momba ny « Hafalian'ny fitiavana » ny Recteur Majeur. Tehampihantra amintsika ny hafatry ny Papa izy ary, indrindra, hampahatsiaro antsika fa fianakaviana iray isika. Tsy izy rehetra anefa no hifampizarana eto fa zavatra kely ihany kanefa manan-danja ka tokony hojerena manokana amin'izao androntsika izao.

Haseho amin'ny alalan'ity fandinihana syfifampizarana ity fa ny maha iraka antsika dia natao ho an'ny fiainan'ny olona (ad vitam)sy ho an'ny olona (ad gentes). Tsy amin'ny "théorie" ihany ny asa fitoriana ataontsika fa natao hoan'ny fampiharana ihany koa. Izany hoe tokony hahatsara ny olona fa tena mahakasika ny fiainan'izy ireo ny asa ataontsika.

Amin'ny maha iraka antsika dia manana adidy lehibe isika amin'ny fanabeazana sy ny fampivoarana ny fiainam-pianakaviana satria io no fototra iaingan'ny maha olona feno. Tandindomin-doza anefa ny maha izy azy ny fianakaviana ankehitriny. Mila miasa ny Fiangonana, mila mihetsika mitady fomba mba hiarovana ny hasin'izany fiananka viana izany.

1- Ny fitiavana, fototra iorenan'nyfianakaviana.

Ambaran'ny Recteur Majeur ary fa " *teraka tao anatina fianakaviana isika, ary voamarika fa natao hanorina fianakaviana koa, izany idealy izany dia manambara fa ny ankohonana tsirairay dia tokony ho sekolin'ny fiainana sy ny fitiavana,satria mino isika fa ny fiananka viana no maneho ny tena maha olona tanteraka izay tsy maintsy ianarana ny asan'ny fiainana sy ny fitiavana"*[1]

Ambarany ihany koa fa "*Ny fianakaviana, ny fianakaviana rehetra eto amin'izao tontolo izao, na eo aza ny fahasamihafany, dia aorina olona maro izay mifankatia, mifampiteny sy mifampiresaka amin'izy samy izy; olona izay mifampizara amin'izy zamy izy ny zava-misy ary samy manolon-tena ho an'ny hafa. Ny fianakaviana dia aorin'olona izay mifampiaro ary miaro ny aina'ny namana akaiky azy koa"*[2].

Mazava amina'izany fazava-dehibe ny fiananakaviana satria ao no ahazoana ny aina, aina avy amin'Andriamanitra nampitainy tamin'ny alalan'ny ray sy reny. Ao no iainana ny fitiavana sy ianarana mitia. Io fitiavana io no manorina ny maha izy azy ny fianakaviana; miainga avy amin'io ny ezaka sisa rehetra,rehefa tsy ao ny fitiavana dia rava koa ny hafa rehetra. Ny fitiavana nomahatonga ny fianakaviana hifankahazo, hifampiteny, hifampizara, hifanampy sy hifanoahana. Noho izany io Fitiavana io no andry mampijoro ny fiainam-pianakaviana, raha manjaka io dia afaka hiaina tsara ny fitiavana sy afaka mianatra mitia tsarany olona tsirairay ao.

Raha ny zava-misy ankehitriny anefa no jerena dia somary mampisaina ihany. Maro ny trangan-javatra mampalahelo: mpivady miady lava aorian'ny fotoana fohy nivadiana; misaraka na mampirafy. Fianakaviana na mpivady manary anaka, zanaka tsy tia sy tsy manaja raimandreny sy ny maro hafa koa. Mila jerena akaiky izany, mila dinihana ary vahanany olana.

2- Ny andrasana amintsika amin'ny maha misiônera

Manoloana ny zava-misy ankehitriny manoloana ny fianakaviana dia tsy mitazam-potsiny ny Fiangonana na sanatria mamihin-tanana fotsiny fa miasa, mikaroka ny fomba hanorenana indray ny hasin'ny fianakaviana sy ny maha izy azy azy. Hanao izay hahatsapan'ny zanany rehetra ny lanja sy ny hasarobidin'io fitiavana io ao amin'ny fiainam-pianakaviana.

Miara-miasa amin'ny Fiangonana àry isika, ka inona no andrasana amintsika?

- ***Miaina ny fitiavana: môdely***

Ny zava-dehibe voalohany aloha di any mijoro ho fakan-tahaka (môdely) amin'ny fitiavana. Anjarantsika no miaina tsara izany fitiavana izany, ao amin'ny fianakaviana, eo amin'ny fiaraha-monina sy izay toerana misy antsika. Isika no tsy maintsy miezaka maneho amin'ny fiainantsika sy izay ataontsika fa tsara, mamy, sarobidy ary ambony ny fitiavana ao

[1] Recteur Majeur, ETRENNE 2017, *NOUS SOMMES UNE FAMILLE ! Chaque maison, une école de Vie et d'Amour.*

[2] Ibidem

amin'ny fianakaviana. Tsy maintsy hasehontsika, tahaka ny ataon'ny Fiangonana, fa ny fitiavana ihany no mampilamina sy mampirindra ny fiainana ao amin'ny fianakaviana. Hany ka na misy aza ny olana dia ny fitiavana ihany no hany afaka hanampy amin'ny fitadiavana ny vahaolana.

- ***Manabe am-pitiavana***

Rehefa miaina tsara ny fitiavana isika dia afaka hanampy sy hanabe ny olona hiaina ny fitiavana, na ny raimandreny izany indrindra fa ny tanora. Misy ankony lehibe eo amin'ny asantsika ny fahaizana mitia, maneho fitiavana na manabe am-pitiavana. Manampy ny tanora hatoky sy hivelatra izany. Manampy ny tanora hitia sy haniry ny fitiavana, izany hoe manampy azy hianatra hitia ary hianatra hitia marina sy madio. Ao amin'izany toetra izany no miseho ilay hamamiam-pitiavana, araka ny fomba fanabeazan'I Don Bosco.

Ny hoe manabe am-pitiavana dia manabe amin'ny endrika feno hafaliana, sariaka, faly amin'ny endrika ety ivelany, fa indrindra manabe amin'ny tanjona, anaty, izay mitady mandrakariva ny hahasoa sy ny hahatsara ary hampivelatra ilay beazina, hahatonga azy ho tia sy hankafy izay atolotra azy. Manabe azy hahay hitia sy hizara izany fitiavana izany ihany koa.

- ***Miresaka momba ny fitiavana***

Araka ny voalaza teo alohadia saro-bidy ny fitiavanaeo amin'ny olona samy olona, indrindra fa ao amin'ny fianakaviana. Noho izany dia tokony ho resahina, tokony hiadiana hevitra amin'ny olona, indrindra amin'ny fianakavianamba hampisy ny firindrana sy ny filaminana. Indrindray mantsy toa tsy de mba misy resaka loatra izy io.

- *Amin'ny raimanadreny*

  Izy ireo indrindra no tokony hahatsapa voalohany ny hasarobidin'ny fitiavana ao amin'ny fianakaviana. Matetika mantsy ny fifankativan'ny mpivady dia toa afo-mololo ihany, miredareda be eo am-panombohana,fa rehefa mandeha ny fotoana dia mihalefy, teo aloha tsy mifankafoy fa aty aoriana mifankaleo. Kanefa izy ireo voalohany no tokony hahatsapa fa mila faharetana ny fitiavana, mila fandeferana ihany koa. Izy ireo no tokony hiaina voalohany izany fitiavana izany,izy ireo no tokony hampianatra ny zazany mba hitia sy hifankatia. Izy ireo izany no tokony ho môdely amin'ny fitiavana sy ny fifankatiavana.

  Manoloana ny fahasarotana momba izany no tsy maintsy idirantsika an-tsehatra, andraisan'ny Fiangonana andraikitra, satria mila mpitantana ny mpivady, mila mpanoro lalana; mila olona vonona hanampy azy ireo hamakivaky ny lalam-piainany.

- *Amin'ny tanora*

  Fa amin'ny maha mpanabe tanora antsika koa dia mila miresaka momba io fitiavana io isika. Miresaka, mifampizara amin'izy ireo ny lanjan'ny fitiavana ao amin'ny fianakaviana sy eo amin'ny fiainany. Mampianatra azy ireo ny atao hoe "Fitiavana", manoro azy ireo mba hitia marina ka hifankatia tsara eo amin'ny fiaraha-monina.

  Fa ankoatra izany dia mitantana sy miara-dalana amin'izy ireo ihany koa isika amin'ny fiantrehany ny ho aviny, indrindra ireo izay mikasa hanorina tokantrano, mba hahafahan'izy ireo hanorina izany ao anatin'ny fitiavana marina; manoro azy ireo ny fomba hiatrehana ny olana ara-pitiavana mety hisy ny hamahany izany. Zava-dehibe ny fanabeazana sy ny fanampiana azy ireo mba hanana fiankaviana vanona izy ireo any aoriana. Isika ary no fitaovana ampiasain'ny Fiangonana ka irahiny hanabeny zanany. Koa samia miezaka.

FANDINIHANA SY FIFAMPIZARANA

1- Ny inona amin'ny maha iraka (missionaire) antsika no tina horesahina eto amin'ity fifampizarana ity?
2- Natao hijery na hamaky ny zava-misy ny misiônera, inona no olana mitranga momba ny fianakaviana eto?
3- Efa nahita fianakiana nikorontana ve ianao? Inona no mba nataona?
4- Ahoana ny fomba atao mba hanabeazana ny tanora hahay hitia sy hiaina ny tena fitiavana marina?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Miezaka hatrany isika hampirindra sy hampifandray ny fomba fanabeazana malagasy sy ny fomba fanabeazan'i Don Bosco. Ny anton'izany moa dia ny mba hahafahantsika mampita araka ny tokony ho izy ilay harem-pahasoavana sarobidy avy amin'i Don Bosco ho an'ireo ankizy sy tanora malagasy. Mitohy hatrany àry ny fandalinana ataontsika mikasika ireo fomba fanabeazana roa ireo. Manampy antsika rahateo koa moa izany mba handalina ihany koa ireo hasina sy soatoavina sarobidy ananantsika malagasy. Hatolotra antsika tsikelikely amin'ny fomba mirindra moa izany fandalinana izany.

NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY SY NY FOMBA FANABEAZAN'I DON BOSCO

NY FIVAVAHANA (La religion)

Ny vavaka salezianina

Manana fomba manokana hoenti-mivavaka miaraka amin'ny tanora ny Salezianina sy ny Mpanabe salezianina. Fivavahana fanaon'ny kristianina andavanandro ny azy : *tsotra*, *hain'ny besinimaro* ka handraisan'ny rehetra anjara mavitrika. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia hoe *tsy manalavitra fa miorim-paka amin'ny fiainana*.

- Ny hoe *tsotra* dia tsy midika fa hoe tsy misy fihetsiketsehana fa mionona amin'ny mahazatra fotsiny fa hoe : *tsy lava loatra, tsy fihetsiketsehana ety ivelany fotsiny, miloatra avy amin'ny fo, nosintonina avy amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Litorjia*,
- Ary ny hoe *hain'ny besinimaro* dia tsy hoe vavaka efa hay tsianjery no atao fa mitaona ny tsirairay handray anjara ka hatao malaza sahala amin'ny fankalazana ny fety lehibe.

Tsy mijanona amin'ny endrika ivelany anefa ny vavaka atao fa tsy maintsy mijery ny tombontsoa ho an'ny fiainam-panahin'ny tsirairay. Noho izany dia tsy maintsy *misy fotoana ho an'ny tsirairay* mba hiresahany manokana amin'Andriamanitra, indrindra ao anatin'ny vavaka izay hiaraha-manao amin'ny rehetra.

Ny tena tokony ho izy dia ny sokajin-taona tsirairay mihitsy no tokony hamorona *vavaka mifanentana aminy. Ary vavaka mifanaraka amin'ny fomba amam-panao sy ny kolon-tsaina nefa tsy mivaona amin'ny Litorjian'ny Fiangonana, mitsinjo sy manampy ny tsirairay hiatrika ny fiainana an-davanandro.* Ary izany no mahatonga ny vavaka ataon'ny salezianina ho afaka mifanaraka hatrany amin'ny toe-javatra iainan'ny tanora sy manampy azy ireo hihaona amin'ny Tompo amin'ny fiainana.

Araka izany dia mivoatra sy misokatra amin'ny zava-misy hatrany ny vavaka salezianina, nefa tsy mivaona araka ny efa voalaza teo.

Ny voambolana hoe *"FITIAVAM-BAVAKA" no ampiasain'i Don Bosco* noho ny hoe: " FIVAVAHANA". Aminy ny *FITIAVAM-BAVAKA dia manambara ilay fifandraisana am-po amin'Andriamanitra ary tsy mifantoka be loatra amin'ny teny* tokony hambara ao amin'ny vavaka, fa mirona bebe kokoa amin'ny fihetsika fanehoam-pitiavana ataon'ny olona iray izay te hanome hafaliana tanteraka ny Tompo.

Andry telon'ny Fitiavam-bavaka.

Ny FIVAVAHANA araka ny "système préventif" dia manana andry telo :

1- ny sakramentan'ny Fampihavanana

Nasehon'i Don Bosco tamin'ny tanora fa ny sakramentan'ny Fampihavanana dia isan'ireo andry iankinan'ny asa fanabeazana. Miavaka izy satria mametraka ny Fitiavan'Andriamanitra ho ambony noho ny fahotana. Ny tanora mantsy amin'ny maha-tanora azy dia tia manandrakandrana ka matetika no latsaka amin'ny fakam-panahy sy ny fahotana.

Izany no nahatonga azy io ho nankalazaina matetika tao Valdocco. Na ny teorana izay nomanina manokana hankalazana azy aza dia efa manambara sahady ilay fifandraisana, fisakaizana amin'Andriamanitra sy ny namana. Manampy betsaka ny tanora handresy ny tahotra izany ka hanambara amin-kasahiana ny tsiambaratelony handraisany ilay famindram-pon'Andriamanitra.

Ny hanampy azy ireo hahay hiatrika ny fiainana (amin'ny maha-olona feno: fahany sy vatana) no tanjona amin'izany. Vokatr'izany dia tokony hahay mifampizara izy ireo, hahay mifanampy eo amin'ny fandraisana andraikitra ho fanatontosana ny adidiny avy, hahay mifanohana eo amin'ny fibebahana sy ny fiovam-po, ary ho vonona hanolo-tena tanteraka amin'Andriamanitra.

Araka ny hevitr'i Don Bosco dia tsy mijanona eo amin'ny famontsorana sy ny famelan-keloka ihany ny Sakramentan'ny Fampihavanana fa mitohy amin'ny fitantanana am-panahy (direction spiritelle) mba hahamafy orina ny fifikirana amin'Andriamanitra. Ny tena tanjona amin'izany dia ny hahatongavana amin'ny fifandraisana am-po eo amin'ny mpanabe sy ny beazina avy amin'ny alalan'ny fifampizaram-piainana an-kafaliana.

Maro ny voka-tsoa ara-panabeazana azo avy amin'ity sakramenta ity:

- Ao no hahatsapan'ny tanora ilay fitiavana mahay mamela heloka sy mahay mandanjalanja.
- Mahazo hery avy amin'izany ireo ka vonona hiaiky ny fahotany sy ny fahalemeny izay hitadiavany mpanampy sy mpanohana.
- Avy amin'izany koa no hahafahany miala amin'ny fakam-panahin'ny fahavitan-tena ka tsy hilàna ny fanampian'ny hafa. Tsy misy mahavita tena samirery mantsy ny olona raha mbola olona koa.
- Rehefa afa-pahotana koa izy ireo dia hahay mamela heloka.
- Manampy azy ireo hanaja ny hafa sy hanana fomba fisainana tsotra sy mahitsy koa ny sakramentan'ny Fampihavanana.

2- Ny sakramentan'ny Eokaristia

- Ny Sakramentan'ny Eokaristia no fara-tampony amin'ny litorjia hiraisan'aina amin'i Jesoa Kristy dieny ety an-tany. Ity sakramenta ity no mamehy ilay fanirian'i Don Bosco ho an'ny tanorany dia ny hahasambatra azy ireo ety an-tany ka hitohy any an-danitra.
- Fankalazana ny fiainana ao anatin'ny hafaliana feno Izy.
- Tonga loharanon'ny hafaliana sy haravoana lalina ny fankalazana azy raha voaomana tao anatin'ny firahalahiana sy ny fiombonam-po.
- Ny Eokaristia dia manampy ny tanora eo amin'ny fitomboana ara-pinoana.
- Avy amin'ny alalan'ny Eokaristia no hahafahan'ny tanora mandrindra ny fiainany hifanaraka amin'ny misterin'i Krsity nanolotra ny fiainany tamim-mpitiavana.
- Hianarany amin'izany ny hampandefitra ny zavatra hafa rehetra manoloana ny fikatsahana ny fiombonana, ary handresy ny fitiavantena sy ny fikombonana amin'ny tena.
- Mitondra azy hahay manolo-tena ary hirotsaka an-tsehatra amin'ny asa apôstôlika mifanaraka amin'ny taonany sy ny dingana vitany eo aminn'ny fiainana ara-panahy ny Sakramentan'ny Eokaristia.
- Tonga loharano hanovozana hery vaovao hitomboana ao amin'ny fahasoavana ny Eokaristia. *" Ny fanabeazana ho amin'ny tena fitiavana dia mandalo amin'ny Eokaristia"* hoy ny Recteur Majeur teo aloha E. Viganò.
- Ankoatr'izany ny famangiana sy ny fivavahana atao manoloana ny Sakramenta Masina araka ny lovam-panahy salezianina dia fomba iray hafa sady miavaka hahafahana mifandray amin'i Jesoa Tompo. Matetika i Don Bosco no mampahatsiaro fa ny famangiana ny Sakramenta Masina dia anisan'ny fihetsika hoenti-maneho ny fankasitrahana an'Andriamanitra noho ny fanomezany ny fiainana.

Ireo antony ireo no antony hilazana azy ho andry faharoa eo amin'ny fanabezana salezianina.

<u>3- Masina Maria Reny sy Vonjin'ny Kristianina</u>

Manana ny toerany manokana i Masina Maria ao amin'ny fiainam-panahy salezianina ho an'ny tanora:

- Hatrany am-piandohan'ny fiantsoan'Andriamanitra azy, tao amin'ny nofy faha sivy taona, no efa nandraisan'i Don Bosco an'io fiainam-panahy mariana io. Ny fanampian-dreny avy amin'i Masina Maria, no nahafahan'i Don Bosco nanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainany : " *I Maria no nanao ny zavatra rehetra"*, hoy izy tamin'izany.
- Avy amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ny trano salezianina no ahitan'ny tanora ny fomba hibanjinana an'i Maria Maria, izy ilay mpizara fahasoavana sy mpampianatra ny fomba fiainana araka ny Vaovao Mahafaly :
    - ny fahaizana mihaino,
    - ny tsy fivadihana,
    - ny fadiovam-po,
    - ny fanolorantena,
    - ny asa fanampoana.
- Mila mpitantana sy mpanoro làlana ny tanora satria ny andron'ny fahatanorana no handalovan'ireo fotoan-tsarotra isan-karazany ho amin'ny fitomboana amin'ny maha-olona, kanefa eo ihany koa no hitrangan'ny zava-baovao samihafa sy hiainana vanim-potoana mahafinaritra sy mahaliana ho an'ny fiainana: *ny ohatra omen'i Masina Maria no zary fanilo mitari-dalana ny tanora ao anatin'izay vanim-potoana sarotra izany*.
- Ao amin'ny fiantsoana an'i Masina Maria "*Vonjin'ny Kristianina"* no ahitan'ny tanora ilay Famantarana ny fanantenana azo antoka sy mpanala alahelo, hery lehibe hoentiny miatrika io vanim-potoana manokana io.
- Rehefa latsa-paka ao amin'ny tanora ny fanajana an'i Masina Maria, dia tsy ho sarotra amin'izy ireo intsony ny hanaraka ny làlana atoron'ilay *Vonjin'ny Kristianina*:
- fahazotoana sy fandraisana andraikitra amin'ny fanoherana ny fahotana,
- fitsipahana ny fomba fisainan'izao tontolo izao izay manohitra ny toro-làlan'ny Fahasambarana sy ny " Didy Vaovao".

FANDINIHANA SY FIFAMPIZARANA:

1/ Inona no maha samy hafa ny voambolana "fivavahana" sy ny "Fitiavam-bavaka" araka ny hevitr'i Don Bosco? Hamarino amin'ny alalan'ny ohatra ny valitennao.

2/ Nahoana no tsy afa-misaraka ireo andry telon'ny fitiavam-bavaka ireo araka ny hevitr'i Don Bosco? Izany hoe inona no mampifandray araka ny hevitr'i Don Bosco?

3/ Olona tia vavaka ny malagasy raha ny ohabolana sy ny oha-pitenenana maro samihafa no jerena. Araka ny hevitrao, mbola hita taratra ve io fitiavam-bavaka ananan'ny malagasy io ankehitriny? Tohano amin'ny alalan'ny ohatra mazava ny valiteniao?